


**Hellville, Nosy Be, volana Jona 2015. Fampanantenana tsy nisy toa izany! Hery sy Voahangy Mivady mihitsy no tonga tany. Ho rakotra afaka telo volana i Madagasikara iray manontolo. Dia ahoana izao ny tohiny? Dia ho toa ny "délestages" koa va re sanatria?**

Io lohaten'ity lahatsoratra ity dia nalaina tao amin'ilay hira malazan'i Mamy Gotso… Misy fomba

hafahafa tokoa mantsy eo amin'ny tontolon'ity resaka TNT ( *« Télévision numérique terrestre »* ) ity.

Nankalazaina tamin'ny fomba nanetriketrika tany Nosy Be, tamin'iny taona 2015 iny, ny fanombohana ity ambara ho TNT eto Madagasikara. Ny Filohampirenena Hery Rajaonarimampianina mihitsy no tonga nanotrona ity fametrahana teknolojia vaovao eo amin'ny sehatry ny haino aman-jery efa nahabe resaka ireo mpandraharaha malagasy eo amin'ity sehatra ity. Nalefa mivantana tamin'ny fahitalavim-pirenena (TVM) sy ny RNM ity hetsika ity tamin'izany fotoan'andro izany.

Nambara tamin'io fotoana io fa orinasa malagasy, izay misy teratany Malagasy tanora, no hitantana ny fitsinjarana ity TNT ity manomboka any Nosy Be ka manerana ny Nosy, amin'ny sarany tsy mihoatra ny 10.000 ariary, ny fitaovana andraisana ( *« Décodeur »*) ity teknolojia tsy maintsy arahina ity noho ny fenitra iraisam-pirenena.

Volana roa na telo anefa izay, dia nihato tampoka tsy fantatra hoe ahoana ny fandraisan'ireo nividy ity fitaovana andraisana ny TNT ity ilay fahitalavitra nambara ho manara-penitra tao Nosy Be. Tsy nisy solontenan'ilay orinasa malagasy tany an-toerana ka nangasihasy teo fotsiny ireo nividy (ankevitry ny 600 ny isany) ilay fitaovana tamin'ny vidiny mihoatra ilay 10 000 ariary nodradradraina nandritra ny hetsika nametrahana azy tamin'ny fomba ofisialy. Very an-javony sy zary nofy ilay fanantenana ny hijery fahitalavitra maneho sary manara-penitra ( *« numérique »* ) ho an'ireo mponina ao Nosy Be nividy ity *« décodeur »* ity.

Nandritra io fotoana io ihany koa anefa no nanaparitaka ity TNT ity teto an-drenivohitra ity orinasa malagasy ity. Novarotany 30.000 ariary ilay fitaovana fandraisana (misy porofo ara-dalàna -«*Factures*»- havoaka eto raha ilaina) tany amboalohany, ka efa nahatratra 4.000 mahery ireo roboka tamin'ny resaka tsara lahatra nataon'ity orinasa malagasy ity. Maro no nitaraina tamin'ity orinasa ity fa ratsy tsy araka ny nampanantenaina ny tolotra. Ny sary tsy manara-penitra akory. Ireo karazana fandaharana natolotra miovaova araka ny tian'ilay orinasa, tsy misy fanazavana sy fanajàna ny mpanjifa. Ny fahatapatapahana moa tsy lazaina intsony, izay misy maharitra 12 ora mahery.

Amin'izao fotoana izao, efa tapaka nandritra ny herinandro ihany koa ny fandraisan'ireo nanjifa ity TNT ity eto Antananarivo. Tsy nisy fampilazana mialoha ho fanajàna ny mpanjifa nataon'ity orinasa malagasy ity.

Raha naniry ny haneho ny fitaraina tamin'ity orinasa malagasy ity ireo nanjifa dia akory ny hagagany fa mikatona ilay nambara ho foiben-toerany. Eny amin'ny haino aman-jery no hita ilay milaza ho tompon'andraikitra voalohany amin'ity orinasa ity no manome fanazavana tsy maharesy lahatra ny mpanjifa azy ka mahatonga ireto mpanjifa mametraka fanontaniana amin'ny tompon'andraikitra isan-tokony eto amin'ny firenena, indrindra fa ny Minisiteran'ny Serasera sy ny Fifandraisana amin'ny Andrimpanjakana, ary ny Minisiteran'ny Paositra sy ny Fifandraisan-davitra ary ny Teknolojia vaovao mikasika marina momba ity orinasa malagasy nomen'izy ireo alalàna hanaparitaka ny TNT eto Madagasikara ity.

Handoavam-bola marina ve ireto fitaovana (« *décodeur* ») ireto fa raha ny nambaran'ilay mitonona ho tompon'andraikitr'ity orinasa malagasy nomena alalàna ny hanaparitaka ny TNT eto tamin'ny fahitalavitra tsy miankina iray eto an-drenivohitra, dia tsy handoavam-bola ireo fitaovana ireo. Raha handoavam-bola izany dia tokony ho ohatrinona ?

Amin'ny alalàn'ny mangarahara ihany koa, vola avy aiza no handoavana ireo vola takian'ity orinasa malagasy ity amin'ny Minisiteran'ny Paositra sy ny Fifandraisan-davitra ary ny Teknolojia vaovao (*Factures Devis* na *Proforma* miisa telo, izay misy mitetina hatramin'ny 788.256 dôlara amerikana ny iray - Volana Janoary 2016) amin'ny hoe hanapariahana ity TNT ity eto Madagasikara? Sa izay ilay hoe *«mahay mitady vola*

*»*

? Jereo ireo ambany ireo.

**VU.e madagasikara**
IAF 122A Antanetibe Ambohidrapeto
Antananarivo
Téléphone : 0325551565
RC N° 2010B00576
NIF: 4001874369
STAT: 7129 11 2010 0 10590

**DEVIS**
DVB T2 Solution pour Nosy BE

DEVIS N° 01/2016
DATE 18/01/2016

**À L'ATTENTION DE :**
Client: **MPTNT**
Adresse: Antaninarenina Antananarivo
Tel: ................................................

| DÉSIGNATION | Nombre Unité | Montant HT $ |
|---|---|---|
| wideband transmiter of 100 watts + antenna (UHF22-23-24-25-26) | 3 | 25 000,00 $ |
| Link for the three Transmiters for 20km distance | 2 | 18 000,00 $ |
| FTA receiver 4 input dvbs2 | 2 | 3 200,00 $ |
| Dvbt2 4in1 Dvbt2 systems | 3 | 15 000,00 $ |
| IRD 4 input dvbs2 CACAM | 1 | 3 000,00 $ |
| Scrambler | 1 | 3 200,00 $ |
| Securite Electrique | 3 | 10 000,00 $ |
| Generateur | 3 | 10 000,00 $ |
| Installation 20% | 1 | 17480,00 $ |
| TVA applicable au taux de 20 % | Total HT | **104 800,00 $** |
| | TVA 20% | **20 960,00 $** |
| | TOTAL TTC | **125 760,00 $** |

Arrêté le présent devis a la somme **Cent Vingt Cinq mille Sept Cent Soixante Dollar US**

*Veuillez établir les chèques à l'ordre de VU.e madagasikara*
*Les règlements doivent être effectués selon accord.*
*Les produits sont garantis 12 mois.*
*Pour toute question relative à cette facture Proforma, veuillez contacter Mr Vonjy TODISOA*

***Cachet du fournisseur***

**VU.e madagasikara**
IAF 122A Antanetibe Ambohidrapeto
Antananarivo
Téléphone : 0325551565
RC N° 2010B00576
NIF: 4001874369
STAT: 7129 11 2010 0 10590

**DEVIS**
DVB T2 Set Top Box

DEVIS N° 03/2016
DATE 19/01/2016


**À L'ATTENTION DE :**
Client: **MPTNT**
Adresse: Antaninarenina Antananarivo
Tel: ................................................

| DÉSIGNATION | Nombre Unité | Montant HT USD |
|---|---|---|
| Set top box DVBT2 | 2500 | 25,00 $ |
| Smart Card | 2500 | 3,00 $ |
| TVA applicable au taux de 20 % | Total HTVA | **62 500 $** |
| | TVA 20% | **12 500 $** |
| | TOTAL TTC | **75 000 $** |

Arrêté le présent devis a la somme **Soixante Quinze Mille Dollars US**

*Veuillez établir les chèques à l'ordre de VU.e madagasikara*
*Les règlements doivent être effectués selon accord.*
*Les produits sont garantis 12 mois.*
*Pour toute question relative à cette facture Proforma, veuillez contacter Mr Vonjy TODISOA*

***Cachet du fournisseur***



**VU.e madagasikara**
IAF 122A Antanetibe Ambohidrapeto
Antananarivo
Téléphone : 0325551565
RC N° 2010B00576
NIF: 4001874369
STAT: 7129 11 2010 0 10590

**DEVIS**
DVB T2 Solution pour ANTANANARIVO

DEVIS N° 02/2016
DATE 18/01/2016

**À L'ATTENTION DE :**
Client: **MPTNT**
Adresse: Antaninarenina Antananarivo
Tel: ..............................................

| DÉSIGNATION | Nombre Unité | Montant HT USD |
|---|---|---|
| wideband transmiter of 2500 watts + antenna (Cinq Cannaux UHF) | 3 | 375 000,00 $ |
| Link for the three Transmiters for 20km distance | 2 | 18 000,00 $ |
| FTA receiver 4 input dvbs2 | 2 | 3 200,00 $ |
| Dvbt2 systems | 9 | 45 000,00 $ |
| IRD 4 input dvbs2 CACAM | 1 | 3 000,00 $ |
| Scrambler | 1 | 3 200,00 $ |
| Securite Electrique | 3 | 30 000,00 $ |
| Generateur | 3 | 45 000,00 $ |
| Installation 20% | 1 | 104 480,00 $ |
| Salle d'emetteur | 3 | 30 000,00 $ |
| Pylone | 3 | - |
| TVA applicable au taux de 20 % | Total HTVA | **656 880,00 $** |
| | TVA 20% | **131 376,00 $** |
| | TOTAL TTC | **788 256,00 $** |

Arrêté le présent devis a la somme **Sept Cent Quatre Vingt huit Mille Deux cent Cinquante Six Dollars US**

*Veuillez établir les chèques à l'ordre de VU.e madagasikara*
*Les règlements doivent être effectués selon accord.*
*Les produits sont garantis 12 mois.*
*Pour toute question relative à cette facture Proforma, veuillez contacter Mr Voniy TODISOA*

*Cachet du fournisseur*

[illegible]